## NY TENY FIAINANA

*"Ny fahafatesana no fahavalo farany horesena."*

***I Korintiana 15:26***

Championnat XXL ENERGY TOP20 rugby

# Ho sokafana amin'ny alahady 19 febroary

Ho sokafana amin'ny fomba ôfisialy amin' ny alahady 19 febroary 2023 ho avy izao, eny amin'ny kianja "Stade Makis Andohatapenaka", ny hetsika rugby « Championnat XXL ENERGY TOP20 de rugby ». Vita teny Ankorondrano tamin' ny fiandohan'ity herinandro ity, ny fifanakalozan-kevitra fandravonana ny disadisa niseho lany sy ny dinika hoentina hanatsarana an'ity fifaninanana TOP20 ity, izay niarahan'ny mpitantana ny Malagasy Rugby tamin'ireo mpitantana klioba miisa 20 nanatanteraka. Fandaharan-dalao 09:00-XV Avenir # Makis U 20 B, 11 :00-Us Ikopa # Makis U 20 A, 13:00-Tam Anosibe # Scb Besarety (Match Test), 15:00-Cosfa Miaramila # Ftm Manjakaray (Super Coupe). Ho 3000 ar no fidirana eny amin'ny Gradin ary ho 10 000 ar ny eny amin'ny Tribune.



*Mpitantana Rugby teny Ankorondrano.*

**Rainilita**

Basket LRBBA

# Hanofana mpitsara sy Otm

Ho fampandrosoana hatrany ny taranja basketball eto Analamanga, hanofana mpitsara vaovao sy OTM « Officiel de Table de Marque » ry zareo eo anivon'ny ligin'ny basikety eto Analamanga (LRBBA), izay ho tontosaina amin'ny 4 - 26 martsa 2023 (isaky ny faran'ny herinandro). Ny fiofanana dia natokana ho an'ny olona : -16 taona no ho miakatra -Mahay manoratra sy mamaky teny - Matanjaka ara-batana - Tsy mbola nisazy ( codis FMBB - Ligue - Section ) -Mpiantsehatra eo amin' ny tontolon'ny basket-ball.



*Mpitantana ny ligin'ny basikety eto Analamanga.*

Ny sandan'ny fiofanana dia ho: 50 000 ar isan'olona (- Droit d'examen, - Carte d'adhésion, - Diplôme, - Cotisation annuelle CRA). Entanina araka izany isika klioba isanisany handefa olombelona roa (obligatoire) hanatevin-daharana an'ireo mpitsara basikety eto Analamanga. Ho an'ny OTM « Officiel de Table de Marque » kosa dia ho maimaimpoana ny fiofanana ho an'ny vehivavy 18 taona no miakatra. Daty fara-fisoratana anarana: 28 febroary 2023.

**Rainilita**

7e CAMP ANNUEL BWB GLOBAL any Salt Lake City

# Navoakan'ny NBA sy ny FIBA ny anaran'ireo handray anjara

Navoakan'ny NBA sy ny FIBA ny anaran'ireo tovolahy miisa 40, avy amin'ny firenena 27, izay handeha ho any Salt Lake City, Utah any Etazonia, handray anjara amin'ny hetsika basikety fanao isan-taona "Basket-ball Without Borders (BWB) Global", izay hanomboka amin'ny zoma 17 febroary, ka hatramin'ny alahady 19 febroary 2023 ao amin'ny "Utah Jazz Practice Facility" ary tafiditra ao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny "NBA All-Star Weekend 2023". Ireo mpianatra avy amin'ny lisea tsara indrindra avy aty Afrika, Amerika, Azia ary Eropa dia handray anjara amin'ny hetsika isan-karazany toy ny fitsapana anthropometric sy atletika, fahombiazana amin'ny hetsika, fahaiza-manao fanafihana sy fiarovan-tena, fifaninanana fitifirana teboka telo, lalao 5 amin'ny 5, fahaiza-manao eo amin' ny fiainana ary fotoampampandrosoana mpitarika". Ho eo ambany fanaraha-mason'ny NBA sy ireo mpilalao NBA voafantina



*Hetsika basikety "Without Borders (BWB) Global".*

izay ho tonga amin'ity faran'ny herinandro ity amin' ny lalao NBA All-Star 2023 ny hetsika. Ireo mpikambana ao amin'ny "NBA Coaching Development Program (CDP)", izay manampy ireo mpilalao taloha handray anjara amin'ny asa mpanazatra aorian'ny filalaovana lalao, dia handray anjara amin'ny fiofanana ihany koa. Patrick Hunt (Filohan'ny Fikambanan'ny Mpanazatra Basikety Manerantany, Aostralia), Gersson Rosas (New York Knicks Mpanolotsaina Baskety; Kolombia) ary Masai Ujiri (Filohan'ny Toronto Raptors; Nizeria), no talen'ny lasy. Amin'ny andro farany amin'ny lasy, hisy ny fifanintsanana hiadiana amin'ny famaranana, izay arahin'ny lanonana hanomezana ireto loka manaraka ireto: Kim Bohuny Camp MVP, Patrick Baumann Sportsmanship Award, Defensive MVP ary Best shooter amin'ny isa telo. Hanatrika ny lalao NBA All-Star faha-72 ao amin'ny Vivint Arena ireo mpilasy avy eo. Tamin'ireo 38 mpandray anjara tamin'ny fandaharana BWB teo aloha tao amin'ny lisitry ny NBA tamin'ny fiandohan'ny taom-pilalaovana 2022-23 (mavitrika sy tsy mavitrika), 23 no nandray anjara tamin'ny toby BWB Global. Ny Nike, mpiara-miombon'antoka manerantany amin'ny programa BWB nanomboka tamin'ny 2002, no hanolotra fampitaovana an'ireo mpandray anjara amin'ny lasy, mpilalao ary mpanazatra manomboka amin'ny loha ka hatrany amin'ny tongotra. Sambany hatramin'izay, ny NBA, WNBA ary FIBA dia hampiantrano toby BWB Global manokana ho an'ny zazavavy lycée mipetraka ivelan'i Etazonia amin'ny Jolay amin'ny AT&T WNBA All-Star 2023 any Las Vegas. Marihana fa nahatratra maherin'ny 3.900 avy amin'ny firenena sy faritany 134 ny mpandray anjara tamin'ity programa fampandrosoana basikety iraisam-pirenena NBA-FIBA ity, sy fandaharan'asa fanentanana ho an'ny fiaraha-monina, nanomboka tamin'ny taona 2001. Ny NBA sy FIBA dia nikarakara toby BWB nahatratra 66, tany amin'ny tanàna 43 any amin'ny firenena 31 sy kaontinanta 6.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy ravin-tsaosety** rony indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany.
Atao be rony tsara izany.
Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo amin'ny jus celeri amin'ny vatan'olombelona

Ny soa azo amin'ny jus celeri amin'ny vatan'olombelona indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
- Mampidina tosi-dra ho an'ny olona manana tosi-drà ambony.
- Tsara ho an'ny olona manana olana ny taovam-pisefoany, tsara ho an'ny olona asthmatique.
- Manala crampe.
- Manampy amin'ny torimaso.
- Miaro amin'ny aretina vato amin'ny voa ( calcul renal).
- Azo hanasitranana goty.
- Tsara ho an'ny maso.
- Tsara ho an'ny aty.
- Mampilamina ny tahana siramamy ao amin'ny rà.
Celeri mixer-na, asiana rano kely.
Misotro 1 vera isan'andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Manambolosy any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Manambolosy any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manambolosy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy satria 22 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 mihazo an'i Mananara Avaratra sy Maroantsetra ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila. Misy mpanjono koa ny mponina any Manambolosy.



